Fanajana ny Rà

Amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy, nohamasinina aho, natao ho masina, natokana ho an'Andriamanitra.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Eo am-pijerena ny herin’ny ran'i Jesosy manamasina, dia tiantsika ny handinika andalan-teny iray avy amin'ny Hebreo izay miresaka momba ny mpivadi-pinoana-dia ilay olona mihodina amin'ny finoana Kristiana, rehefa nahafantatra izany, ho amin'ny fandavana sy fanilihana fanahy iniana ny Tompo Jesosy Kristy. Miresaka momba ny amin’ny zava-masina rehetra nolaviny izy io, ary amin’ny heviny hoe mandoto:

> "Manao ahoana kosa ary no hamafin’ny fampijaliana ataonareo tokony hihatra amin’izay nanitsaka ny Zanak’Andriamanitra, ka nanao ny ran’ny fanekena izay nanamasinana azy ho zavatra tsy masina sady naniratsira ny Fanahin’ny fahasoavana?"

(Hebreo 10:29)

Mazava tsara ny mahita avy amin’io andininy io fa nohamasinina tamin’ny ran’ny fanekena isika. Fa indro misy olona nohamasinina tamin’ny ran’ny Fanekena Vaovao ka niverina avy eo. Andeha hojerentsika akaiky ny dikan’ny hoe fanitsakitsahana ny ran’i Jesosy. Io fampitahana io dia mifandray amin’ny lanonana amin’ny Paska, izay nametrahana ra teo amin’ny tataom-baravarana sy ny tolam-baravarana, fa tsy teo amin’ny tokonam-baravarana mihitsy. Tsy tokony haneho tsy fanajana ny ran’i Jesosy mihitsy isika.

Misaotra Anao, Tompo, noho ny amin’ny ran’i Jesosy. Manambara aho fa ny fanajako lalina ny ran’ny fanekena, izay nanamasinana ahy, nohamasinina, natokana ho an’Andriamanitra, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-037-MLG

Nohavaozina farany: 02 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis